FANIRY RAZAFY

Samy nanao izay vitany tany Atsimo avokoa ny mpitondra nifandimby

Samy nanao izay vitany avokoa ireo mpitondra nifandimby teto amin'ny firenena, mahakasika ny fampandrosoana ny any Atsimo, fa tsy araka ny nambaran'ny filoha Rajoelina ny alahady alina lasa teo, hoy Faniry Razafy, mpanao gazety, sady mpanao politika. Tsy nitazam-potsiny ny faritanin'I Toliara teo aloha izy ireo, hoy izy. Tamin'ny fitondran'ny antoko HVM sy ny filoha Rajaonarimampianina, efa nisy tetikasa fitarihan-drano nanomboka tany Efaho, izay nambaran-dRajoelina fa vao hatao io. Ny Amiraly Ratsiraka nametraka ny AES, sy ireo orinasam-panjakana maro tao atsimo toy ny Toly sy ny Hasyma... ary nanosika opérateur économique Malagasy avy any atsimo maro. Nitondra ny fotokevitra sy tetikasa IDÉE 21 : Humaniste Écologique, niainga avy any Atsimo, ka tao Jafaro no nitondrana ny jiro avy tamin'ny angôvo azo avy amin'ny masoandro voalohany teto Madagasikara.
Profesora Zafy Albert namerina nanokatra an'i Dabaraha hisarihan-drano indray. Nitety Fokontany maro tao Androy sy Anôsy ary nanamafy ny fanomezana rano sy sakafo ary masomboly ho an'ny tantsaha.
Ny filoha Marc Ravalomanana nanamora ny lalan'ny RN7 taty Ihorombe hatrany Toliara. Nanome fiofanana ny mpamboly avy any Atsimo tamin'ny vitrine de Madagasikara. Nanome rijiky ny tantsaha mpanamboatra tapis tamin'ny foire iraisampirenena. Nampiakatra Maires, na ben'ny tanàna sy Sefo Fokontany, tao Iavoloha, nanome fiofanana leadership, sy nihaino ny tarainan'izy ireo amin'ny fampandrosoana ifotony. Efa nisy ihany koa ny tetikasa famokarana sorgho, novolavolain'ny filoha Ravalomanana iadiana amin'ny kere tany Atsimo, saingy tsy tontosa noho ny krizy 2009.
Niha-nahazo vahana anefa ny tsy fandriampahalemana sy ny haintany tany atsimo vokatry ny fahapotehana ara-toekarena, noho ny krizy politika 2009 teto

Faniry Razafy, mpanao gazety sady mpanao politika.

Madagasikara, izay fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina. Noho izany, anisan'ny tompon'antoka amin'izao tsy fandrosoan'ny any Atsimo izao Rajoelina, efa mpitondra teto izy tamin'ny tetezamita nandritra ny 5 taona, ka manakiana tena izy raha milaza, fa tsy nisy nahavita ny tany Atsimo ny mpitondra nifandimby teto nandritra ny 60 taona, fa izy ireo no tena zavatra amin'izao fotoana. Manao toy ny ririnin-dasa tsy tsaroana Rajoelina ary mitombo ihany ireo fampanantenany, izay tsy ho tanteraka akory ny ankamaroany.

Stefa

Foloalindahy

Jeneraly misotro ronono maromaro mbola mibodo toerana

Misy ihany ny fimenomenonana ao anivon'ny Foloalindahy Malagasy amin'izao fotona izao, na tsy heno mivantana aza izany, noho ny fisian'ireo jeneraly maromaro misotro ronono nefa azo lazaina mbola mibodo toerana. Tsy vitsy arak'izany ireo zandary sy miaramila am-perinasa, no tsy miasa amin'ny toerana tokony hisy azy satria misy ireo be kintana namana midongy sehatra. 9 eo amin'izao fotoana ireo jeneraly misotro ronono tokony hosoloina: eo aloha ao anivon'ny zandarimariam-pirenena, ny jeneraly misotro ronono Richard Ravalomanana SEG: sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariampirenena. Ny tale jeneralin'ny CIS (DG CIS), ny jeneraly misotro ronono Dominique, zaodahin'ny Praiministra Ntsay Christian. Ny CAB mil an'ny Praiministra, ny jeneraly misotro ronono Syvain. Ny HCDN/ PRM (ao amin' ny Prezidansa), Vice Amiral Lucien. Ny Directeur Affaires Militaires (DAM/ PRM), Général Razafimahatratra. Ny DSNGR MDN (ao amin'ny Ministeran'ny Fiarovampirenena), ny jeneraly misotro ronono Solo. Ny CEMA, ny jeneraly Rabenaivoarivelo. Ny CAB MDN, ny jeneraly Alexandre. Ankoatra izay, mbola vao notendrena koa ny jeneraly misotro ronono Voahangy Haja Andriamanalinarivo, tale jeneraly (DG) ny ANAF. Olona efa misotro ronono koa sady marary.

Noho ireo antony ireo, misy ny fimenomenonana any ambadika any ao amin'ny Foloalindahy, midika tsy fahatokisana ny amperin'asa hoy izy ireo ny fitazonana olona misotro ronono toy izao. Ny ministry ny fiarovampirenena ny général de corps d'armée Rakotonirina Léon Richard, no fototry ny fanendrena na tsy fanendrena ao amin'ny Foloalindahy. Izy no ambony grady indrindra mbola miasa (général de corps d'armée, kintana 4. Midika izany, fa raha misy ny korontana, ka lasan'ny miaramila ny fahefana dia izy no ho filoha, mitondra ny tetezamita. Midika koa izany, fa manana tombony izy, ny tsy hisian'ny fanendrena eo anivon'ny miaramila sy ny zandary. Araka ny vaovao voaray sy ny fanadihadiana natao ny zavatra ataon'ny jeneraly ministra amin' izao fotoana dia manilika ny miaramila nianatra tsy hahazo toerana, mba ho izy irery ihany no fantatry ny mpitondra fa hoe mahay. Maromaro ireo kolonely sy jeneraly amperinasa nahavita fianarana ambony, école de guerres no ailiny. Ny antony dia sao manelingelina azy sy haka ny toerany. Ankoatra izany, raha tsy misy fanendrena SEG jeneraly amperinasa mihitsy dia tsy hisy ihany koa izany fiakarana grady kintana 4 ao amin'ny zandary, dia ny ministra ihany no hijanona ho be grady indrindra ao anivon'ny Foloalindahy. Momba ny fanavaozana na restructuration ao anivon'ny tafika sy ny zandary : copie coller fandikana ny zavamisy any Frantsa fotsiny no nataon'ny ao amin'ny Fiarovampirenena. Ny fanavaozana dia tokony hiainga amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana, ny boky fotsy na Livre blanc, ary ny paikady momba ny fiarovana. Ireo rehetra ireo anefa voadingana fa tsy natao.

Stefa

Fiarovana amin'ny covid- 19

Maro ireo nirohotra nanao vaksiny

Somary nalaindaina sy niroharoa saina ny vahoaka Malagasy hoe hanao vaksiny ve sa tsy hanao ? Ny hita mantsy dia na ny mpitondra fanjakàna aza, ny filohan'ny Repoblika na ny Praiminisitra tsy mba hita nanome ohatra ho an'ny vahoaka, fa ny mifanohitra amin'izay no noteneniny sy nataony. Naratsiana fa mampivongana rà ny vaksiny, ny ahy ny CVO ihany hoy ny filoha no nahasitrana ahy, ka dia namporisihina amin'ny dokambarotra ao amin'ny fahitalavitra maro ny vahoaka Malagasy, mba hampiasa io tambavy io. Ny firenen-dehibe manerana izao tontolo izao anefa efa mampiasa vaksiny avokoa, ireo firenena mahantra indray dia efa maro no nisitraka nanao ny fifanarahana Covax, izay anomezana vaksiny omena fotsiny, fa tsy vidiana hiarahana amin'ny Firenena Mikambana amin'ny alalan'ny OMS. Ny filohan'ny mpanohitra RMDM sady filoha teo aloha, Marc Ravalomanana, efa nanome torohevitra ny fanjakànan mba hanafaran'izy ireo vaksiny satria io ihany no vahaolana iadiana amin' ity valanaretina mampidi-doza ity ; nefa tsy nisy nihaino izy. Taty aoriana kely anefa dia nivadika tamin'ny teny nataony ny mpitondra, ka nandray ny vaksiny covishield ihany. Manoloana izany, nalaindaina ihany ny Malagasy tamin'ny fanaovana ny vaksiny araka ny nambara teny ambony. Ankehitriny anefa, niroso nanao vaksiny ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany ary ireo ao anatin'ny fanoherana eto amin'ny firenena ny herinandro lasa teo, mba hanome ohatra ho an'ny rehetra. Nahita izany ny maro dia lasa nirohotra nanao vaksiny, ka lasa filaharana be ny fanaovana izany tato anatin'ny andro vitsivitsy izao. Izay tokoa ilay hoe tokony hanao fitaratra ho an'ny vahoaka Malagasy ny mpitondra ; satria ny ohatra dia avy any ambony foana. Anisan'ny nanao vaksiny omaly ny zanaky ny filoha Ravalomanana, Sarah Ravalomanana, ny tarika Ambondrona, ny mpihira Stéphanie, tanora maro mpianatry ny Oniversite eny Ankatso sy Vontovorona, olon-tsotra maro. Mbola mitohy hatramin'ny alakamisy izay fanaovambaksiny andiany voalohany izay, karapanondro ihany no ilaina entina.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina – Nosy Sambatra

Tsy mahita asetry ny fihetsiky ny fitondrana frantsay

Hatreto tsy heno ny valin-kafatra avy amin'ny fitondrana Rajoelina, momba ny fihetsiky ny fitondrana frantsay ao amin'ny Nosy Sambatra (îles Glorieuses), tamin'iny herinandro lasa iny. Ny fitondrana frantsay izay efa mitompo teny fantatra, fa azy io Nosy io ary anatanterahany tetikasa momba ny tontolo iainana. Izany hoe efa tsy misy antenain'ny malagasy intsony izany, fa lasan'ny frantsay ambongadiny ny Nosy Malagasy, ary ahiana mbola hanaraka aza ireo hafa raha ny fihetsiny izay nilaza vao tsy ela izay hanao asa ihany koa amin'ireo. Nahoana no tsy andrenesam-pitenenena ny fitondrana Rajoelina manoloana izany. Izy ilay nilaza, herintaona lasa izao, fa tsy maintsy tafaverina amin'ny Malagasy ireo Nosy manodidina mialoha ny 26 Jona nanamarihana ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena. Hatramin'izao tsy andrenesam-peo momba izany intsony ny tenany. Resy eo anoloan'ny fitondrana frantsay ny fitondrana Malagasy?
Tsy ny vahoaka Malagasy sy tsy toe-tsainy no manaiky ho resy tsy miady izany. Ny zava-misy anefa, miseho hahavita irery izany ny fitondrana, ary mirehaka mihitsy ny amin'izany. Ny vahoaka ailika sy atao antsisiny amin'ny raharaha, ary tsy henoina mihitsy. Porofon'izany, tsy mbola naheno na nahita ny maro, fa niantso ireo fikambanana saropiaro amin'ity tany ity sy ny fiandrianam-pirenena ny fitondrana hidinika amin'izay atao. Tsy lavina, efa nisy fikaonandoha natao momba izany nefa toa tsy hita izay vokany hatreto. Anisan'ny mitarika amin'ny fitakiana ny hiverenan'ireo Nosy ireo amin'ny Malagasy ny antoko Otrikafo. Tsy hita anefa izay fihainoina ireny fikambanana ireny. Nankarary fo ny maro mihitsy aza ny nandefasana mpitandro filaminana handroaka azy ireo raha nanao hetsika teny anoloan'ny Hotel Carlton Anosy raha nandalo taty ny filoha frantsay teo aloha. Izany hoe, tsy mihevitra velively ny momba ny hevitry ny vahoaka Malagasy ny fitondrana. Mety nihevitra izy fa hahatafavoaka baolina irery, ka hidehaka ny amin'izany toy ny fanaony, fa tsy misy hoatra azy ireo teo aloha. Izao anefa iaraha-mahita, fa hanahirana manomboka izao ity raharaha ity, noho ny fitavozavozana, sy izay fomba fiasa tsy mahomby sy ny fiheverana ny vahoaka.
Lesoka lehibe sy tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina izao nambaboana ny Nosy Sambatra izao, sy amin-javatra hafa ihany koa. Mba tsy hikorontanan'ny saim-bahoaka amin'izany, dia atao izay rehetra hanodinana ny sainy. Anisany ny tampi-maso amin'ny fanehoana, fa hoe miasa ny fitondrana, ka mandeha miolomay etsy sy eroa na dia tsy mbola misy asa mivaingana aza. Ny zavatra ataony hatreto anefa, tsy hita misongadina mampitombo ny kitapom-bolan'ny isan-tokantrano sy ny sakafo miditra eo am-bilaniny akory. Ny zavatra mahamaika ny vahoaka no ilàny vahàna haingana, fa tsy fotodrafitrasa izay mety hanagorobaka hatrany ny any am-paosiny.

Sôh'son